TATITRA DINGANA IV: ATRIKASA FANOMBOHANA

Firenena : MADAGASIKARA

Mpampiofana : Mmes RAZANAMALALA Claudine/ RABE Victorianne

Kaominina : ABDABOTOKA COMMUNE RURALE

Daty nihaonana: 28 – 30 Octobre 2014

Mpandray anjara, ben'ny tanàna amin'ny ankavanana

Teny fampidirana:

Ny 28-29-30 Octobre 2014 dia natao teto amin'ny kaomina ambanivohitr'i Andabotoka, tao amin'ny efitranon'ny EPP ny atrik'asa mikasika ny miralenta, izay tohin'ny dingana voalohany sy faharoa karakarain'ny Gender Links. Tonga nanatrika ny atrikasa ny ben'ny tanàna, ireo mpanolo-tsaina, ny chef fokontany sy ny solotenam-bahoaka.
Ny tanjon'ny atrik'asa dia ny fampahafatarana ny miralenta eo anivon'ny kaomina. Lohahevitra maro no nentina nodinihina nandritra ny atrikasa, isan'izany:
N**y hevitra fototra iompanan' ny miralenta; GENRE ET SEXE,** izay mampisongadina ny mahalahy sy ny mahavavy ara-voajanahary, eo ihany koa ireo toetra mampiavaka napetraky ny fiaraha-monina,
Ny miralenta sy ny fitondrana fanjakana, tafiditra ao anatin'izany ny fampandraisana anjara ny vehivavy eo amin'ny seha-pitantanana**,** inona no sakana eo amin'ny fidirana , rehefa tafiditra ary inona no vahaolana. Mifampitohy amin'izany ny:
Ny fitarihana mitondra fanovana: inona no fanovana entin'ny vehivavy rehefa tonga eo amin'ny seha-pitantanana izy
Ny miralenta sy fandravonana ady sy disadisa: inona no antony mahatonga ady sy disadisa ary inona avy ireo fomba entina andravonana izany.
Fotokevitra sy politika ahatongavana amin'ny miralenta: ahitana ireo filana fototra andavanandro izany hoe inona ireo zavatra ilain'ny vehivavy eo no eo, sy ny filana maharitra mila paik'ady, inona no zavatra ilaina hametrahana fototra maharitra ho an'ny taranaka faramandimby
Ny miralenta sy ny fiarian-karena, mampisongadina ny asa maro ataon'ny vehivavy nefa tsy andraisa-karama
Fampandrosoana ny toe-karena ifotony
Fampandrosoana maharitra (fiovaovan'ny toetrandro), nisongadina tamin'izany ireo antony mahatonga ny fiovan'ny toetrandro ary inona no fiatraikany amin'ny miralenta.
Herisetra GBV: inona avy ireo karazana heisetra mety hita eny amin'ny fiaraha-monina, inona no atao entina hiadina amin'ny herisetra.

TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanombika tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GENDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'ny Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra.

Fizotry ny atrik'asa

Natomboka tamin'ny fandraisam-pitenenana. Nifandimby nandray fitenenana tamin'izany ny mpampiofana sy ny ben'ny tanàna izay nanokatra tamin'ny fomba ofisialy ny atrikasa. Rehefa vita izany dia niditra tamin'ny votoatiny, inona no tanjon'ny atrikasa,inona ireo vokatra andrasana.
Nametraka ihany koa ireo fomba hitondrana ny fiofanana sy ny fitsipika hifampifehezana mandritry ny atrikasa.
Ny fomba nitondrana ny atrikasa moa dia ny fametrahana fanontaniana arahim-baliny, asa tarika, brainstorming sy fomba hafa ihany koa.
Alohan'izany rehetra izany dia nazavaina tamin'ny mpadray anjara ny fisian'ny fifanekena iaisam-pirenena izay efa neken'ny firenentsika indrindra ny protocolen'ny SADC amin'ny fampiharana ny miralenta sy ny fampandrosoa.

I. Hevitra fototra iompanan'ny miralenta: GENRE ET SEXE

Nametrahana fanontaniana ny mpiofana hoe inona aminareo ny atao hoe miralenta?
Ny miralenta dia fitovian-jo ny lahy sy ny vavy (fa ny fisotroana toaka ihany no tsy anatiny)
Rehefa vita izay dia niditra tamin'ny **"Fahasamihafana voajanahary sy fahasahamihafana novolen'ny fiaraha-monina, eo amin'ny lahy sy ny vavy na ny hoe raiki-tapisaka".**
Teo amin'ny **fahasamihafana voajanahary** dia nozaraina karatra misy ny toetra voajanahary mampiavaka ny lahy sy ny vavy, sy ny karazan' asa ary ny toetra izay novolavolain'ny fiaraha-monina ireo mpiofana tsirairay.

Madame Claudine, mpampiofana

Rehefa nandeha ny ady hevitra sy ny fifanarahana eo amin'ny samy mpiofana dia tsy nisy toetra na asa nampiavaka ny lahy sy ny vavy fa ny toetra voajanahary ihany no hita nampiavaka ny lahy sy vavy.
Teo amin'ny fanazavana ny atao hoe **fiheverana raikitapisaka** dia nozaraina tarika efatra ny mpandray anjara ka fanontaniana telo no napetraka tamin'izy ireo:

1. Mitadiava izay mampisongadina ny lehilahy na ny vehivavy na manambany azy ireo
2. Inona no hafatra tiana ampitaina?
3. Inona no fahazahoanareo ny atao hoe fiheverana raiki-tapisaka?

- Ny tarika voalohany: hira sy ohabolana na oha-pitenenana
- Ny tarika faharoa:fivavahana sy tantara
- Ny tarika fahatelo:fomba fanao sy kolotsaina ary fampianarana
- Ny tarika fahaefatra:haino aman-jery sy dokambarotra

Tatitry ny asa isan-tarika
Tarika voalohany: hira sy ohabolana na oha-pitenenana
Hira:

lohateny	hafatra
Hafa ihany i Mama (Bessa sy Lôla)	
Maman' i cocktail(firmin)	Tsy fantatry ilay vehivavy intsony ny rain-janany satria maro loatra ny olona niarahany. Maivan-doha izany ny vehivavy
Bevohoka tsy manambady(Barinjaka)	Natao hitadiavana fahafinaretana fotsiny ny vehivavy
Ny lehilahy(Henri Ratsimbazafy)	Raha tsy misy lehilahy dia tsy misy zavatra mandeha

Ohabolana na oha-pitenenana:

lohateny	hafatra
Vehivavy fanaka malemy	Ny vehivavy dia olona melemy tsy natao hampiasa tanjaka
Lehilahy tsy boka heritaona	Tsy mba ratsy ny lehilahy
Hanambadian-kiadanana	Mampiadam-bady ny vehivavy ao an-tokatrano ka raha te hiadana ny lehilahy dia manambady satria ny vehivavy natao hikarakara tokatrano sy vady aman-janaka
Maha be dépense ny sipa	Fandaniam-bola ny vehivavy ivelan'ny tokatrano
Tokatrano soa loharanon-karena	Ny tokatrano milamina, mpivady mifanaraka no mampiditra harena

Ny fiheverana raikatapisaka izany dia izay terena fa marina sy izay efa niainana fahagola.
Tarika faharoa: fivavahana sy tantara
Fivavahana

lohateny	hafatra
Adama sy Eva	Adama no noharin'Andriamanita voalohany, avy teo dia namboarina tamin'ny taolan-tehezan'I Adama I Eva. Fehiny, efa hatrany amin'ny namoronana izao tontolo izao no maha lohany ny

	lehilahy.
Ny lehilahy no lohan'ny vavy	Voajanahary hatramin'ny voalohany ny maha lohany ny lehilahy ary arahi-pomba ama-panao izany (oh: ny vehivavy tsy mitazona hazomanga)
Ianareo vehivavy maneke ny vadinareo	

Tantara:

lohateny	hafatra
Fizarana lova: maty ny Ray aman-dRenin'ny zaza roa mianadahy, zanak'olona manakarena Ehefa natao ny fizarana lova dia nomena ny zaza lehilahy ny entana sy fanaka sarobidy miaaka amin'ny omby fa ny entana tsy dia misy vidiny no nomena ny zaza vehivavy	Nomena tombony ny lehilahy teo amin'ny fizarana lova satria natao hamelom-bady aman-janaka fa ny vehivavy kosa natao ho velomim-bady
Akoho vavy maneno	Tsy mahazo rariny mihitsy ny lehilahy ao amin'ity horonan-tsarimihetsika ity
Rafozan-tsarotiny	Ny vehivavy dia tia miditra lalina amin'ny tokatranon-janany

Ny atao hoe fiheverana raiki-tapisaka dia ireo izay napetraky ny Ray aman-dReny taloha ka tsy maitsy arahin'ny taranaka aty afara.
Tarika fahatelo: fomba fanao sy kolotsaina ary fampianarana
Fomba fanao sy kolotsaina:

lohateny	hafatra
Tapak'anaka: mandritra ny famorana zaza dia mahazo salova complet itambarana ny vehivavy	Mahazo tombony ny vehivavy mandritra ny fotoana famorana
Raha misy fizarana taratasy fiantsoana ao amin'ny fokontany dia ny lehilahy foana no omena azy na tsy eo aza izy dia tsy omana ny vadiny	Ny lehilahy ihany no omena andraikitra fa ny vehivavy fanaka malemy
Rehefa mamafy vady dia tsy mahazo anjara atikena ny vehivavy	Ny lehilahy no mahazo mihinana atikena satria ny atikena dia heverina fa sakafo manakaja natokana ho an'ny olona sahaza izany
Ny lehilahy no miasa lakan-drano	Satria ny vehivavy dia tsy manana tanjaka fa ny lehilahy kosa matanjaka
Tsy mety mitondra vary any amin'ny masina fitotoam-bary ny lehilahy	Natao ho asan'ampela ny mitondra vary ho totona fa tsy anjara asan'ny lehilahy.
Ny lehilahy no misakafo aloha. Vita izay vao mihinana ny zaza amam-behivavy	Fanambaniana ny vehivavy
Ny renin-jaza tsy mba mamindra ny fahalalany amin'ny zanany lahy satria ny lehilahy tsy mampiteraka	Ny vehivavy ihany no afaka mampiteraka. Natao ho n'ny vehivavy ihany ny mampiteraka

Fampianarana :

lohateny	hafatra
Rehefa tsy ampy vola ny Ray aman-dReny dia ny vehivavy no esorina tsy	Natao ho velomim-bady ny vehivavy ka tsy maninona na tsy mianatra aza

hianatra	
Rehefa misy fivorian'ny FRAM dia ny vehivavy no betsaka mamonjy	Tsy natao ho an'ny lehilahy ny mikarakara ny fianara-jaza

Ny hevitry ny hoe fiheverana raiki-tapisaka dia izay tsy azo ovaina intsony fa tsy maitsy tanterahina.
Tarika faha-efatra:haino aman-jery sy dokambarotra
Rehefa dokambarotra momba ny tanjaka dia ny lehilahy no matetika miseho far raha lamody na entam-barotra dia ny vehivavy no miseho matetika.
Amin'ny haino aman-jery indray dia matetika feon'ampela no heno.
Hafatra: ny lehilahy dia midika hoe tanjaka ary ny vehivavy dia midika hoe haingo.

Raha nofehezina izay rehetra izay dia tsy misy toetra na asa natokana manokana ho an'ny lehilahy na ho an'ny vehivavy irery ihany .Ny voajanahary ihany no nampiavaka ny lahy sy ny vavy. Ny fiheverana raiki-tapisaka izany dia izay noterena ho marina sy zava-misy heken'ny rehetra fa marina araka ny lovatsofina sy ny fitaizana niampita nanomboka ny fahagola ka hatramin'izao fotoana izao.
Fatratrarana ny tanjona: tafapaka tanteraka tany amin'ireo mpandray anjara ny toetra vojanahary mampiavaka ny lahy sy ny vavy izay tsy azo hovaina ary ireo izay asa na toetra nampiavaka ny lahy sy ny vavy napetraky ny fiaraha-monina izay mety hovaina tanteraka ary tsy mapiavaka akory fa noterena ho mampiavaka.

II. Ny miralenta sy ny fitondrana fanjakana ary ny fitarihana mitondra fanovana :

Natao asam-baomiera ny fomba nentina nitondrana ity lohahevitra iray ity ka nozaraina tarika telo toy izao manaraka izao ireo mpandray anjara:

- Tarika voalohany: inona no sakana tsy hahafahan'ny vehivavy miditra eo amin'ny seha-pitantanana? Inona no vahaolana
- Tarika faharoa: raha tafiditra ary ilay vehivavy, inona no sakana mahatonga azy tsy handray anjara? Inona no vahaolana?
- Tarika fahatelo:inona no fanatsarana entin'ny vehivavy rehefa tafiditra izy ka mitondra makany amin'ny fiovana?

Tatitra isa-tarika

	Fahazahoana miditra	**Fandaisana anjara**
Sakana	-Tsy fahasahiana -Tsy eken'ny vadiny -Tahotra -Henatra -Tsy ampy fahalalana -Tsy andesin'ampela -Ny filaharana ao amin'ny liste Fiterahana	-Fiterahana -Tsy mahatoka-dia ny vehivavy raha toa ka andeha lavitra. -Vitsy an'isa ny vehivavy raha mitaha amin'ny lehilahy. -Ambany faripahaizana
Vahaolana	-Mila mandresy henatra -Manao fanabeazanaizana -Fandraisana anjara amina fanofanana -Mila mianatra -Fampitovina ny isan'ny	**-**Fanaovana fanabeazanaizana -Miaraka miasa amin'ny mpitandro filaminana raha sendra misy dia lavitra -Fanomezana andraikitra ny vehivavy -Mila sahy maneho hevitra

	lahy sy ny vavy -Fanentanana ny vehivavy hazoto hilatsaka hofidina	

Tarika fahatelo: inona no fanatsarana entin'ny vehivavy rehefa tafiditra izy ka mitondra makany amin'ny fiovana?

- Ny tombotsoan'ny vahoaka sy ny kaomina no atao laharam-pahamehana fa tsy ny an'ny tenanao manokana
- Mahafantantra ny filan'ny vahoaka
- Mahay miara-monina amin'ny vahoaka
- Fanaovana tsidika sy tatitra any amin'ireo fokontany
- Fanantanterahana ny programan'asa
- Fanamboarana fotodrafitrasa toy ny sekoly, toeram-pivoahana

III. Miralenta sy fandravonana ady sy disadisa

Nametrahana fanontanianana ireo mpandray anjara momba ny atao hoe ady sy disadisa ary inona avy ireoa antony mahatonga ady sy disadisa eo amin'ny kaominina:
Ny atao hoe ady sy disadisa dia:

- Hevitra tsy mitovy
- Tsy fifanaahana eo amin'ny olondoa na maromaro
- Fandratrana
- Fifamonoana
- Fifamaliana

Ny antony mahatonga ny disadidsa dia ireto avy:

- Ady tany
- Halatr'omby
- Ady lova
- Ady ampela(adim-pitiavana)
- Ady tanimbary

Nangataka tamin'ny ben'ny tanàna momba na trangana disadisa nisy teo anivon'ny kaominina, nanao ahoana ny fomba nentina nandravonana ny disadisa?

Nisy tranga iray, mpirahavavy niady tanimbary. Ny iray nanetsa, ny iray kosa nanapaka vary ka ity farany niteny fa tompon'ny vary vokatra. Tsy nanaiky kosa ny nanetsa ka tonga teny amin'ingahy ben'ny tanàna ny raharaha. Ny fomba nandravonany azy dia nampanatsoina miaraka izy mirahavavy ka nifampizarana ny vokatra dia niravina ny disadisa. Fehiny,samy nahazo tombotsoa n any andaniny na ny ankilany.

Tranga iray hafa momban'ny disadisan'ny mpivady tao an-tokatrano ka samy tapakevitra ny andaniny sy nyankilany fa hisaraka.Niezaka nandravina ny raharaha ny ben'ny tanàna ka nampiantso ny olobe sy Ray aman-dReny teo an-tanàna, rehefa avy eo dia nampanatsoina mitokana izy mivady ka samy naira-nanaiky ny fahadisoany avy dia nifampiverina.
Raha fitinina izay rehetra izay dia nisy fomba maro nentina nandravonana ireo disadisa ireo toy ny: fihenoana tsy mitanila ireo izay tsy mifanaraka, fanelanelanana fifampiresahana miaraka amin'ny olobe an-tanàna, fihaonana miaraka na mitokana miaraka amin'ny mpandravina, fifampiresahana sy fandresen-dahatra, samy mahazo tombotsoa ny andaniny sy ny ankilany

Mamintina izay rehetra izay ny vosoratra ao amin'ny boky:

Fomba fandravonana: ireo fitaovana entina hampitsahatra ny disadisa (boky pejy75)

Fandravonana: fomba entina mampitsahatra ny ady (boky pejy75)

Fomba fandravonana: fafampirarahana, fanelanalanana, fandaminan-dresaka, fifampiresahana, fandravonana ny andaniny sy ny ankilany hazahoan'ny tsirairay tombotsoa

IV. Fotokevitra sy politika ahatongavana amin'ny Miralenta:

Misongadina ao amin'ity lohahevitra ity **ny"Filana fototra andavanandro sy filana maharitra mila paik'ady hahatongavana amin'ny miralenta"**
Nazavaina fohifohy tamin'ireo mpizaika ny atao hoe filana fototra andavanandro, sy ny filana maharitra mila paik'ady
Nampisehoana ireo mpandray anjara ilay sary maneho ilay rangahy mijery fahitalavitra sy ilay ramatoa vadiny mibaby zaza, mikarakara sakafo sy asa marobe hafa.
Niaky izy ireo fa miasa mafy ny vehivavy ao an-tokatrano, ary azo atao tsarany mifampizara izany asa izany eo amin'ny samy mpivady.
Inona avy ary ireo filana fototra andavanandro:izay ilaina eo no eo

- Vola
- Sakafo
- Fahasalamana
- Fotoana
- Trano

Inona ireo filana maharitra mila paik'ady:

- Fananganana ivo-toerana momba ny miralenta izay hakatoavin'ny manam-pahefana ahitana ny ady ho fampandraisana anjara ny vehivavy eo amin'ny sehatra rehetra
- Fampidirana ny miralenta amin'ny fandaharam-pianarana any an-tsekoly
- Fampiharana sahady ny miralenta amin'ny fitaizana

Tatitra sy antontan'isa manavaka ny vehivavy sy ny lehilahy: ireo isa manavaka ny lahy sy ny vavy eo anivon'ny kaominina

- 3 vavy/12 lahy ny mpiasa ao amin'ny kaominina
- Tsy misy vehivavy chef fokontany ao amin'ny kaominina: 12/12 dia lehilahy avokoa
- Adjoint chef fokontany: 12/12 lehilahy aby
- Tsy misy vehivavy ao amin'ny conseiller

Fehiny, ezaka betsaka ny ataon'ny kaominina mba hampitovy isan'ny vehivavy sy ny lehilahy eo amin'ny seha-pitantanana.
Manao ahoana ary ny famolavolana tetibola mirona amin'ny miralenta?

Voalohany dia :
Inona no atao hoe tetibola?
Ny atao hoe tetibola dia ireo:

- Vola miditra
- Vola mivoaka
- Vola hovinavinaina holaniana
- Vola volavolaina miditra sy mivoaka anatin'ny taona iray

Faharoa: ny atao hoe tetibola mirona amin'ny miralenta:
Ny tetibola mirona amin'ny miralenta dia tetibola ahitana taratra fa samy mahazo tombotsoa avokoa n any lahy na ny vavy
Ary fahatelo: ny famolavolana tetibola mirona amin'ny miralenta:

Ohatra famolavolana tetibola mirona amin'ny miralenta

Vinavina fampiasana ny tetibola	Tenti-bidy (Ar)	%	V	L	Fitsinjarana vaovao
Fanamboarana tobin'ny AC		3%	X	X	
Fanamboarana lakan-drano		10%	X	X	
Fanamboarana tetezana		15%	X	X	

Fahatratrarana ny tanjona: mitombo ny fahalalan'ireo mpizaika momba ny mahazava-dehibe ny fampiasana ny miralenta eo amin'ny sehatra rehetra

V. Miralenta sy ny fiarian-karena :

Nanontaniana ny mpizaika hoe inona avy ireo asa ataon'ny vehivavy nefa tsy andraisan'izy ireo karama?
Nisy tantara nentin'ny solotenan'ny Gender Links (Mr Honoré) tamin'ny dingana voalohany izay milazalaza momba ny tantara paraky teo amin'ny tokatrano iray no nentina nitarihana ireo mpizaika.
Io tantara io dia mitantara ny mpivady iray, ka ny lehilahy namboly paraky, ny vehivavy kosa mijanona ao an-trano mikarakara. Rehefa vokatra ny paraky dia natapy, namidy avy eo ary rehefa nahazo vola ralehilahy dia tsy nanome an-dramatoa tao an-trano. Tapakevitra fa hisaraka kanefa tsy maintsy honeran-dralehilahy ny saran'ny asa fitaizana zaza sy fikarakarana tokatrano nandritra ny fotoana nivadin'izy roa araka ny fanapahakevitry ny fitsarana nefa tsy ampy hanonerany ny saran'izay akory ny vidin'ny paraky rehafa natao ny kajikajy. Tonga saina ralehilahy fa hay lafo vidy ny fikarakarana ataon-dramatoa ao antrano nefa tsy nandraisany karama akory.
Fehiny, ny raharaha tokantrano rehetra raha ampiasana olona ivealn'ny ao antokatrano dia lafo sy misy sarany avokoa. Izany asa rehetra izany anefa dia tsy andraisan'ny vehivavy karama avokoa.
Fahatratrarana ny tanjona: fantary ny mpizaika fa maro ny asa ataon'ny vehivavy nefa tsy andraisan-karamaary azo atao tsar any mifanampy amin'izany asa izanyeo amin'ny samy mpivady araka izay hifanarahana.

VI. Fampandrosoana ny toe-karena ifotony:

Mponina eo an-tanàna mifandrimbona manamboatra efitrano fianarana amin'ny feta. 32 ny mpiasa ka 2 lehilahy 30 vehivavy

Nozaraina tarika efatra ny mpizaika ary nametrahana fanontaniana isa-tarika ka ny:
Tarika voalohany: Inona no mahatonga ny vehivavy tsy afaka mitondra fampandosoana
Tarika faharoa: Milazà vokatra amboarin'ny vehivavy na asa ataony ho an'ny toerana misy anao? Ary Ahoana no fomba azahoan'ny fiaraha-monina tombony amin'ireo vokatra na asa ireo

Tarika fahatelo: Tokony hampian'ny fitondrana ifotony ve ny vehivavy mpanamboatra ireo vokatra ho an'ny vahoaka ireo? Raha eny, inona no karazana fanampiana heverinao fa tokony omen'ny kaominina ao an-toerana ireo vehivavy ireo?
Tatitry ny asa-tarika
Tarika voalohany: Inona no mahatonga ny vehivavy tsy afaka mitondra fampandosoana
Antony:

- Tsy avelan'ny vadiny mamonjy fivoriana ny vehivavy
- Sao-kenatra ny vehivavy
- Tsy fahampiam-pahaizana
- Fitaizana
- Ny vehivavy no tompon'andraikitra voalohany amin'ny raharaha tokatrano
- Ny vehivavy fanaka malemy

Tarika faharoa: Milazà vokatra amboarin'ny vehivavy na asa ataony ho an'ny toerana misy anao? Ary Ahoana no fomba azahoan'ny fiaraha-monina tombony amin'ireo vokatra na asa ireo?

- Fikambanam-behivavy nanao lambahoany nasiana soratra hoe" IZAHO NO TOMPON'NY LAKILE", namidy avy eo dia nampidirina tamin'ny kitapombolan'ny fikambanana ny vola azo entina hanampina izay mpikambana mila izany.

- Fanadiovana faobe isaky ny 8 Mars, fanadiovana ny hôpitaly, ny biraon'ny kaominina.Mba ho toerana madio lavitry ny aretina no honenana
- Fambolena hazo hiarovana ny tontolo iainana satria mihamaina ny tany nohon'ny doro tanety
- Asa fandrarina
- Asa fanamboarana ny tobin'ny AC, izany hoe fanampina ny kaompinina hanamboarana ny toby andraisan'ireo AC ny zaza tsy salama latsaky ny 5 taona.

Tarika fahatelo: Tokony hampian'ny fitondrana ifotony ve ny vehivavy mpanamboatra ireo vokatra ho an'ny vahoaka ireo? Raha eny, inona no karazana fanampiana heverinao fa tokony omen'ny kaominina ao an-toerana ireo vehivavy ireo?
Tokony hampian'ny fitondrana ifotony mihitsy ireo vehivavy ireo ary efa nanome fanampina ny ben'ny tanàna toy ny fer, chevron, tôle.
Akoatra ireo dia tokony hanaovana lakandrano hanamora ny fambolena

Vehivavy roa mangady ranotany hanamboarana lakilasy (EPP)

VII. Fampandrosoana maharitra (fiovan'ny toetrandro) :

Nampahafantatra ny mpandray anjara ny mpampiofana hoe inona avy no horesahina ao anatin'ity lohahevitra iray ity

Inona avy ireo fisehon'ny fiovan'ny toetrandro:

- Mihamafana ny tany amin'ny vanim-potoanan'ny hafanana
- Mihamangatsiaka amin'ny andro ririnina
- Kely ny rotsak'orana
- Mihena ny renirano nohon'ny hafanana betsaka loatra

Inona no antony mahatonga ny fiovan'ny toetandro:

- Nohon'ny hetraketraky ny zanak'olombelona toy ny dorotanety, fanaovana charbon, tsy fanajana ny tontolo iainana.

Nanampy fanazavana ny mpampiofana fa nohon'ny fahasimban'ny couche d'ozone no mahatonga ireo fiovana rehetra ireo, fahasimbana nateraky ny gaz à effet de serre avy amin'ireo usine, enton'ny frigo, methane, ny gaz carbonique.

Inona no tokony atao manoloana ny fiovan'ny toetrandro:

Fisorohanahana:
- Fambolena hazo
- Tsy manao tavy na mandoro tanety
- Tsy mitelik'ala
- Fiarovana ny tontolo iainana

Fiatrehana:
- Fanentanana ny olona Hamboly hazo sy hikajy ny tontolo iainana.
- Fiarovana ny ala
- Fampidirana lalàna ao amin'ny dina hampiharina amin'izay tratra manimba ny tontolo iainana
- Fanafoanana ny fifohana sigara.

Inona no fiatraikan'ny miralenta amin'ny fiovan'ny toetr'andro?
- Satria ny fambolena sy ny fiompina no tena foto-piveloman'ny mponina ao amin'ny kaominina, nohon'ny tsy fahampian'ny orana dia kely ny vokatra, rehefa kely ny vokatra dia tsy ampy ny sakafo sy ny enti-manana, voatery miala fianarana ny ankizy manampy ny Ray aman-dReny amin'ny fambolena sy ny fitadiavana ary ny fiompina
- Raha sanatria misy tsy salama dia nohon'ny tsy fahampian'ny vola dia tsy lavorary ny fitsaboana

Fehiny, tsy misy zavatra tsara ateraky ny fiovan'ny toet'andro mihitsy
Tokony mametraka paik'ady entina hiadina amin'ny fahasimban'ny tontolo iainana mba ho tontolo maintso no lovain'ny taranaka fara-mandimby.

VIII. Herisetra GBV (Violence Basée sur le Genre) : (20-25)

Rehefa avy namaky sy nanazava ny FAA momba ny herisetra dia napetraka tamin'ny mpizaika ny fanontaniana hoe Inona no atao hoe HERISETRA ?

Ny atao hoeherisetra dia:
- Lehilahy mamango vady
- Teritery
- Ady
- Fampijaliana

Ireo ny hevitra avy tany amin'ny mpizaika. Rehafa vita izay dia nanontaniana izy ireo hoe inona ny herisetra fantany
Valiny:
- Herisetra ara-batana toy ny fanolanana na fandratrana
- Herisetra ara-tsaina toy ny: fandrahonana, fampitahorana, eso, fosafosa, ompa, tsy fanomezana ny ampy ao antokatrano
- Herisetra ara-toek'arena toy ny halatr'omby
- Herisetra ara-nofo izany hoe mihatra amin'ny vatana

Inona avy ary ireo antony mahatonga ny herisetra?
- Saina tsy misy (olona tsy manam-panahy)
- Fahasarotam-piainana
- Fahasarotam-piaro

- Lonilony
- Setrasetra fotsiny tsy misy antony
- Antony iray mahatonga ny herisetra ihany koa ny vehivavy variana milalao dômy na karatra (miloka) ka adino avokoa ny manao bazary, ny mahandro sakafo sy ny fampimana trano.

Aiza avy no mety ahitana trangana herisetra?
- Ao an-tokatrano
- Eo amin'ny fiaraha-monina
- Any ampianarana
- Any ampiasana
- Any antanimbary

Inona no voka-dratsy ateraky ny herisetra?
- Fahasimbana ara-tsaina
- Fahasimbana ara-batana, mety mitondra takaitra ara-batana ireo olona niharan'ny herisetra
- Manjary lasa te hamaly faty ilay olona niharan'ny herisetra.

Inona ary no tokony atao hiadiana amin'ny herisetra?
- Tokony manangana ivo-toerana manokana mandray sy manoro hevitra ireo izay niharan'ny herisetra satria eo anivon'ny kaominina dia tsy misy ivotoerana far aha nisy niharan'ny herisetra dia manatona ny fokontany n any biraon'ny kaominina.
- Raha sendra vady mampijaly dia aleo miala fa vady tsy anjary
- Nisy ohatra nentin'ny mpizaika iray izay mitantara toy izao: "nisy mpivady iray ka tsy nety nanao firaisana tamin'ny vadiny ilay ramatoa satria mamo avy nisotro toaka rangahy. Rehefa tsy nety ramatoa dia nafatotr'ilay rangahy tamin'ny fandrina ramatoa dia nanaovany ny sitrapony. Nitory ilay ramatoa ka voasazy ilay rangahy".
- Fehiny, nasahy nitory tamin"ny manampahefana ilay ramatoa ary misy sazy mihatra amin'izay manao herisetra.
- Fanentanana ny vahoaka mba ho sahy hanatona ny manampahefana raha sendra hiaran'ny herisetra.

Inona no vahaolana hampihenana ny herisetra?
Matetika dia ny vehivavy no hiaran'ny herisetra eo anivon'ny fiaraha-monina noho izy diso mianlin-doha loatra amin'ny lehilahy ka ny vahaolana izany dia manodidina eo amin'ny vehivavy ihany.
- Fanomezana nadraikitra ny vehivavy izany hoe tokony haleo tena ara-bola ny vehivavy.
- Famporisihina ny vehivavy mba hisora-panambadiana satria ny fomba fanambadiana nentim-paharazana ihany no ataon'ny mpivady eo amin'ny kaominina fa tsy fomba hona ny misoratra aram-panjakana.
- Fanohanana ny vehivavy niharan'ny herisetra.
- Fandraisana anjaran'ny vehivavy amin'ny lafin'ny rehetra.
- Fampiharana ny dinan'I Melaky tsy mipoly.
- Fifampitsimbinan'ny lahy sy ny vavy.
- Tsy tokony raisina antendrony ny dikan'ny teny hoe" ny lahy no lohan'ny vavy".

Ny kaominina moa dia tsy mahalala ary tsy mankalaza ny hetsika 16 andro hiadiana amin'ny herisetra fa nampahafatarina ny mpandray anjara ny fisian'io hetsika io.

Inona no fepetra raisn'ny kaominina manoloana ny herisetra?
- Fifandaminana

- Raha ohatra ka sendra fanolanana na fandratrana dia manolo ny lany rehetra ny voampanga.
- Raha tsy vitan’ny fifandaminana dia manoro hevitra ny kaominina amin’ny tokony ataon’ny mpametraka fitarainana miaraka amin’ny Ray aman-dReny?
- Fijerevana manokana ireo izay niharan’ny herisetra
- Fampidirana ny ady amin’ny herisetra ao amin’ny drafitr’asan’ny kaominina.

Fatratrarana ny tanjona amin’ny akapobeny: mitombo fahalalana ireo mpizaika nandritra ny famelabelarana ireo lohahevitra nentina nodinihina satria dia nisy tsy mahafantatra ny tena hevitry ny hoe miralenta, inona no ifandraisan’ny fandravonana ady sy disadisa amin’ny miralenta.

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA

ATRIKASA MOMBA NY FAMETRAHANA IVON- TOERANA MENDRIKA
Dingana faha: 4

Firenena: Madagasikara
Kaominina: ANDABOTOKA
Toerana: ANDABOTOKA
Daty: 28, 29,30 Octobre 2014

Ora	ANDRO	Iza(Tompon'and raikitra)
Andro voalohany		
08 h 30 – 09 h 00	Fisoratana anarana	Mpampiofana
09 h 30 – 9h 30	Fanokafana amin'ny fomba ofisialy	Ben'ny Tanàna Mpampiofana
9 h 30 – 10 h 00	Teny fampidirana sy fanolorana ny zava-kendrena Filazalaza amin'ny mpandray anjara momba nyvokatra andrasana Famelabelarana ny torolalana mikasika ny fandraisana anjara	Mpampiofana
10h -10h 15	**Pause café**	
Hevitrafototraiompanan' nyMiralenta; GENRE ET SEXE		
10h 15- 11 h	HevitrafototraihompanannyMiralenta	Mpampiofana
11h – 11h 30	Fahasamihafanavoajanaharysyfahasamihafananovolen'nyfiaraham onina, eoamin'nyvavysynylahy	Mpampiofana
11h 30- 12h	Asaisan-tarikamombanyfiheveranaraikin-tampisaka Tatitraisan-tarika	Mpiofana
12h – 12h 30	Fandravonana	Mpampiofana
12h 30- 13 h	Fanontanianasyvaliny	Mpiofana
13h – 14h	**Sakafo**	
Miralenta sy ny fitondrana fanjakana ary ny fitarihana mitondra fanovana		
14 H – 14 h 15	Fahazahoana miditra	Mpampiofana
14h -15- 14 h 30	Asa isan-tarika Tatitra isan-tarika	Mpiofana
14h 30 – 14 h 45	Fandraisana anjara	Mpampiofana
14h – 45 -15 h	Asa isan-tarika Tatitra isan-tarika	Mpiofana
15h -15h 15	Fanatsarana ny fahaza-mitarika	Mpampiofana
15h 15- 15 h 30	Asa isan-tarika Tatitra isan-tarika	Mpiofana
15h 30 – 16 h	Tatitrasyadihevitraandraisan'nyrehetraanjara	Nyrehetra
	Androfaha 2	
8h 30- 9h	Famintinanaireolahahevitraandrovoalahany	Mpiofana
Miralentasyfandravonanaadysydisadisa		
9 h – 9 h 30	Inona no atao hoe ady sy disadisa? Inona no antony mahatonga ny ady sy disadisa?	Ny rehetra
9h 30 – 10h	Inona no andraikitra raisin'ny kaominina momba ny ady sy	Ny rehetra

	disadisa ?	
10h -10h 15	**Pause café**	
10h 15 – 12h 30	Fandravoana ady sy disadisa	Ny mpampiofana
12h 30 – 13 h	Fanontanina sy valiny	Ny rehetra
13 h – 14h	**Sakafo**	
Fotokevitra sy politika ahatongavana amin'ny Miralenta		
14 h – 15h	Filana fototra andravanandro sy filana maharitra mila paik'ady	Mpampiofana
15h – 15 h 30	Tatitra sy antontan'isa manavaka ny vehivavy sy ny lehilahy	Ny rehetra
15 h -30 – 16 h	Fanaovana tetibola hirosoana amin'ny Miralenta	Ny rehetra
	Andro faha 3	
8h 30 – 9h	Famintinana ireo lohahevitra natao andro voalohany sy faharoa	Mpiofana
Miralenta sy ny fiarian-karena		
9h -10	Ny asa tsy andraisan-karama ataon'ny vehivavy	Mpampiofana
10h -10h 15	**Pause café**	
Fampandrosoana ny toe-karena ifotony		
10h 15 – 12 h 30	Miralenta sy fampandrosoana ny toe-karena Ifotony Paik'ady hampandrosoana ny toe-karena ifotony	Mpampiofana
12h 30 – 13 h	Fanontaniana sy valiny	Ny rehetra
13h – 14h	**Sakafo**	
Fampandrosoana maharitra (fiovan'ny toetrandro)		
14h – 15h	Famaritana / fampahafantarana fototra Fiatraikan'ny fiovaovan'ny toetrandro amin'ny miralenta	Ny mpampiofana
Herisetra GBV		
15h -15h 30	Ireo fepetra fototra momba ny Herisetra GBV ao amin'ny Fifanarahan'ny SADC Momba ny Miralenta sy ny Fampandrosoana	Nyt mpampiofana
15h 30 – 15h 45	Tombana	Ny mpampiofana
15h 45 – 16 h	Fanomanana ny dingana faha 3: Fitadiavana paik'ady ahazoana olona 300 Fizarana andraikitra amin'ny famenoana ny taratasy fanadihadiana sy fanampiana ireo olona tsy mahay manoratra nefa te haneo hevitra.	Ny rehetra
16 h	Famaranana amin'ny fomba ofisialy ny fiofanana	Ben'ny Tanana

TOVANA B: FANAMARINAM-PAHATONGAVANA
Dingana: 4
Firenena: MADAGASIKARA
Toerana: ANDABOTOKA

N°	Anarana sy fanampiny	Lahy (L)/Vavy(V)	Kaominina	Andraikitra	Téléphone	E-mail
1	**RAHAROMINO Ranaivoson**	L	Andabotoka	Ben'ny tanàna	0340411685/ 0327887820	naivoraharo@gmail.com
2	**ESITHER**	V		Mpamboly		
3	**TAMBOHOMANA Aimé Raherson**	L		Technicien d'appui MAHEFA	0342116989	aime.raherson@yhoo.fr
4	**NORMAND**	L		Adjoint au maire		
5	**RAEL Mahasotry**	L		Secrétaire Commune		
6	**RABARSON Charles**	L		Mpampianatra		
7	LALA Rajona	L		Chef fokontany Belinta		
8	**RANIRISON Berthen Eloi**	L		Pôlisy CNN		
9	**RANARSON Edmond**	L				
10	**LIXEMON**	L		Pôlisy kaominaly		
11	**RABODOZAFY Gertine**	V		Dispensatrice PHAGECOM CSB2	0325044989	
12	**DORINY**	L		Conseiller au maire		

13	**GEORLINE**	V		Secretaire Etat civil		
14	**RABERSON Ramilavonjy**	L		Ex adjoint au maire	0341984785 /0325287334	
15	**RAZAFINDRAVELO Ediane**	V		Mpamboly		
16	**SÔMANAMBY**	V		Mpamboly		
17	**FIDIANASOA**	V		Mpamboly		
18	**FANANATRA**	L		Mpamboly		
19	**GETINY Verginie**	V		Mpamboly		
20	**GERTRIDE**	V		Mpamboly		
21	**RAZAFINDRAVELO**	V		Mpamboly		
22	**TSIDARIA**	L		Olobe		
23	**ZAFILAHY**	L		Mpamboly		
24	**SOLOMON**	L		Président conseil		
25	**DENISE**	V		Agent communautaire		

LAHY: 15 (60%)
VAVY: 10 (40%)

TOVANA C : TOMBANA

Lahy/Vavy	☐ Lahy **15** ☐ Vavy**10**					
Firenena	Madagasikara					
Kaominina	ANDABOTOKA					
Taona	12 - 17 ☐	18 -30☐**5**	31- 40 ☐**12**	41 - 50☐**5**	51 – 60 ☐**2**	60 + ☐**1**
Fianarana	Ambaratonga voalohany ☐ **6**	Ambaratonga faharoa ☐**19**	Oniversite ☐	Fanofanana ara-kasa ☐	Fampianarana olon-dehibe ☐	

Tombana:

	Naoty /10
1. Firafitry ny fandaharana amin'ny ankapobeny	**8**
2. Ny votoatin'ny fandaharana	**9**
3. Tahirin-kevitra nampiasaina	**5**
4. Fampitan'ny tompon'andraikitra ny fiofanana	**8**
5. Asa isam-baomiera (travail de groupe)	**8**
6. Vokatra azo	**9**
7. Fanajana ny fandaharam-potoana	**8**
8. Fahalalana azon'ny mpiofana	**9**
9. Tombontsoa eo amin'ny fivelarana	**8**
10. Fandaminana ankapobeny (sakafo, toerana, sns)	**9**

Fanamarihana

1. Inona tamin'ny fandaharana no tena nahaliana anao? Antony?

— Ny fotokevitra sy pôlitika hahatongavana amin'ny miralenta satria tena mila ezaka betsaka vao ho tonga amin'ny tanjona
— Ny ady amin'ny herisetra
— Ny fampandrosoana maharitra, ny fiovan'ny toetrandro
— Izy rehetra satria misy lanjany daholo
— Ny fotokevitra iompanan'ny miralenta
— Ny miralenta sy ny fampandrosoana eny ifotony satria tena ilain'ny kaominina
— Ny ady sy disadisa satria betsaka loatra ny trangana ady sy disadisa eo amin'ny kaominina

2. Inona tamin'ny fandaharana no tsy nilaina? Antony?
— Nilaina daholo

3. Ahoana ny fomba ampiharanao ireo fahalalana azonao teto amin'ny fiofanana?

Ny fomba hampiharana ny fiofanana azo dia tokony entina eny anivon'ny fiaraha-monina

Fanamarihana hafa:
Tokony tohizana foana ny fiofanana momba ny miralenta